blue ventures

conservation
education
research

Blue Ventures Conservation Andavadoaka, Madagascar

Positive preliminary results from the eagerly awaited reopening of the no-take zone on the island of Nosy Fasy show strong potential for replication of this fisheries management technique elsewhere in the region

Ny fisokafan'ny valan 'orita ao Nosy Fasy



Andavadoaka fisherwoman with octopus catch

Tamin'ny marainan'ny 06 jiona 2005, no nisokatra indray ny toerana arovana ao Andavadoaka izay napetraka tao Nosy fasy rehefa nihidy nandritry ny fito (7) volana. Ny andro voalohany nisokafan'ny valan'orita dia mpanjono 700 ka hatramin'ny 1000 no tonga tao Nosy Fasy. Nahatratra 110 ny isan'ny lakana niantsona teo amin'ilay nosikely, 5 km eo andrefan'ny tanan'Andavadoaka teo amin'ny 9 ora maraina teo. Ny mpiasa tao amin'ny Blue Ventures sy ireo mpilatsaka an-tsitrapo dia efa tonga tany an-toerana vao maraina mba hahafahany mandrafitra ny zava-misy ho tahirikevitra aty aoriana.

Tonga nanotrona ny fotoana ihany koa, ny mpiandry ny valan'orita, ny filoha lefitra ao Befandefa ary Nahoda maro, ireo zokiolona ao an-tànana. Ny mpanjono, ny vehivavy sy ny ankizy dia tonga maro nanotrona ny lanonana. Alohan'ny nanokafana indray ny valan'orita, dia notanterahana vao maraina ny fombafomba rehetra (lanonan-drazana vezo) tamin'ny alàlan'ny fanaterana fanomezana sy fisaorana an'ireo razana.

Rehefa tontosa ary ny fomba, dia nandray fitenenana Andriamatoa Alex Norbert, Nahoda sy mambran'ny Kaoperativa ao an-toerana. Nanazava tamin'ny mpanatrika izy ny andraikitrin'ny mpiaradia isan'isany eo amin'ny fampandehanana sy ny fanaraha-maso ny valan'orita. i Copefrito, kaompania mpanondrana ny vokatry ny jono andranomasina, i Blue Ventures ary i WCS izany. Nanamafy ny faniriany izy mba hahatratra ny tanjony ny vala, izay mbola eo an-dàlan-pikarohana, ho tekinika mahomby voasedra hahafahana mitantana ny fanjonoana ny orita, izay foto-piveloman'ny olona mipetraka amoron-dranomasina any amin'ny faritra.

Octopus fishing on Nosy Fasy reef flat

Voaloham-bokatra azo tao amin'ny vala Nosy Fasy

Talohan'ny nisokofan'ny valan'orita tao Nosy Fasy, dia efa nanohy ny fanarahana ny fanjonoana orita tao Andavadoaka i Bleue Ventures rehefa fotoanan'ny fanjonoana orita (fenomanana). Izany dia nanome antontankevitra nangonina nandritry ny erintaona nanodidina ny fiovaovan'ny haben'ny orita tsirairay azo tao an-toerana. Ny mpikaroka tao Andavadoaka dia niasa niaraka tamin'ny mpanangon- trondro miisa 15 (antsoina hoe mpanangombokatra madinika) teny amin'ny faritra hatramin'ny septambra 2004. Tànana 11 no niasan'ireo ekipa ireo: Andavadoaka, Nosy Hao, Nosy Ve, Andambatihy, Ankitabana, Antsepoka, Antsastamoroy, Ampasilava, Lamboara, Bevohitse, ary Tampolove. Ny mpiasan'ny fikarohana ao amin'ny Blue Ventures dia nanome ny mpanangom-bokatra kahie, seau ary fandanjana mba handanjana ny orita azo nandritry ny fotoan'ny fanjonoana. 2 no fotoana ny fanjonoana izay maharitra 5 andro isam-bolana ahazoana manangona orita. Amin'io fotoana io dia iva ny ranomasina ka afaka mandeha antongotra eny amin'ny vatohara ny mpanjono maka ny orita, izay biby mifono mistery ary mahay miafina tokoa. Raketin'ny mpanangombokatra antsoratra ny lanjan'ny orita, ny taonan'ny mpanjono, ny toerana nanjonoana, ny fomba fanjonoana, lahy sa vavy ny mpanjono ary ny isan'ny mpanjono miara-dia. Ireo antontan-kevitra ireo dia mba ahafahana manao ny fanadihadiana momba ny ezaka fototra lany amin'ny fakana ny orita. Ny fizarana ny toerana hanjonoana ary ny fiovan'ny

fangalana orita miompana amin'ny miralenta, ny taona ary ny fomba fanjonoana. Ny fanadihadiana dia manome fomba tena mahomby hanarahana ny fikarohana ny toerana hiarovana ny orita ho toy ny fitaovana entina mampitombo ny faharetan'ny fanjonoana orita eny antoerana



Ny vokatra azo hatramin'izao dia manondro fa ny ankabezan'ny mpaka orita dia vehivavy (70%) ary ny iray ampahatelony dia latsaky ny 20 taona daholo (kisary). Ny toerana tena fakana orita talohan'ny nidian'ny Nosy Fasy dia ny vatohara ao Nosy Hao, Nosy Fasy, Ambatolaoka, tànana iray ampitan'Andavadoaka (kisary) Ny voaloham-bokatra azo tamin'ny fanarahana ny fangalana orita tany amin'ireo tànana 11 dia tsy nampiseho firy ny salan'isan'ny lanja teny amin'ny faritra nandritry ny 12 volana nanaovan'ny BV fanarahana.

on Nosy Fasy more thaSaingy ny vokatra azo tao amin'ny vatoharan'i Nosy fasy dia milaza fa orita 800 no azo tamin'ny andro voalohany nisokafan'ny valan'orita. Im-balo avo heny nohon'ny salan'isa momban'ny fangàlana orita teny amin'ny faritra rehefa fotoana fanjonona talohan'ny nanidiana an'i Nosy Fasy (kisary).

Ny fandinihana an'ireo antontan'kevitra ireo dia milaza fa ny fanidiana an'i Nosy Fasy dia nanome vokatra nahafapo teo amin'ny salan'ny lanjan'ny orita: Nandritry ny fanidiana ny toerana arovana dia nitombo mihoatra ny avo roa heny ny salan'ny lanjan'ny orita: 0,5 ka tonga 1,1 kg (kisary) ary ny salan'ny ezaka fanjonoana fototra izay 2,2 kg dia nitombo 4 kg isaky ny mpanjono isaky ny fivoahana (kisary)



Ny fitomboana ny ezakin'ny fanjonoana noho ny fisokafan'ny vatohara dia mametra ny fahatsaran'ny fanjonoana ho amin'ny lavitr'ezaka. Ny fiantraikan'ny fanidiana ny toerana arovana dia nihena nohon'ny habetsakin'ny tsindrin'ny fanjonoana tao Nosy Fasy rehefa nivoha ny valan'orita. Izany dia nahatonga ny fiverenan'ny salan'ny lanja'ny orita sy ny sandan'ny ezaka fanjonoana ho toy ny talohan'ny fanakatonana ny vala tao anatin'ny 6 herinandro (fotoam- panjonoana in-telo)





Figure 2.
Map showing location of the main octopus fishing sites before the Nosy Fasy closure.

Kanefa ny vokatra azo dia manambara fa raha araka ny ezaka amin'ny fanjonoana an-davanandro (tokony ho eo amin'ny orita 100 eo no azo ao Nosy Fasy isaky ny fotoanan'ny fanjonoana orita talohan'ny fanakatonan a ny vala), ny tombony azo avy amin'ny toerana arovana dia tokony haharitra ela – eo ho eo amin'ny fotoam-panjonoana in-8 na volana 4 eo. Tsy tratra izany tamin'ny fisokafan'ny vala satria ny ezakin'ny fanjononana dia niakatra in-8 avo heny nohon'ny fetra nahazatra rehefa nahazo nanjonoana ny vatohara.





Amin'ny fotoana mahazatra, ny mpanjono mankeny amin'ny vatoharan'i Nosy Fasy dia ireo mpanjono mipetraka akaikin'ny tànanan'Andavadoaka sy Ampasilava, kanefa tamin'ny fotoana nisokafan'ny valan'orita dia mpanjono avy tamin'ny tànana hafa, hatrany amin'ny roapolo kilaometatra no tonga nisitraka ny vokatrin'ny jono tamin'ny toerana voaaro. Izany fihetsika malalaka amin'ny fanjonoana izany dia fomban'ny mpanjono eran-tany ary raha momba an'i Nosy Fasy no dinihana, izay valan'orita voalohany voaaro, ny vokatra jono orita dia nifalian'ny olon-drehetra mipetraka eny amin'ny manodidina.

Vokany: Azo porofoina fa ny valan'orita voaaro dia afaka mampitombo ny vokatra sy ny faharetan'ny jono orita. Fa mba hahafahan'izany tekinika izany haharitra bebe kokoa sy ho tonga any amin'ny lavitr'ezaka, dia tokony tantanana amimpamendrehana ny filàn'ny fanjonoana rehefa sokafana ny toerana voaaro.

Just some of the fleet of pirogues set out to fish for octopus on the first day of the Nosy Fasy reopening

Ahoana no fomba hitantanana ny ezaka fanjonoana na ny fidirana ao amin'ny toerana narovana rehefa misokatra? Ohatra iray ny mametra ny fidirana ao ho an'ny olona mipetraka amin'ny tànana manamorona toerana voaaro. Ireo olona ireo no efa mpanjono teny amin'ny Nosy Fasy hatrizay. Haharitra kokoa ny vokatrin'ny fanjonona aorian'ny fanidiana ny toerana voaaro. Kanefa, ny vokatrin'ny tsy famelana ny olona hanjono malalaka any amin'ny toerana arovana dia zavatra mifandripaka tokoa, ary raha ny fandinihana ny zava-misy taorian'ny fisokafan'ny valanjavaboahary an-dranomasina no resahana dia betsaka ny fifanipahan'ny filàn'ny mpanjono tsirairay ka miteraka olana. Ny fahombiazan'ny fomba hitantanana ny fanjonoana dia mitaky fametrahana karazan-dalàna mba hiarovana ny zon'ireo olona izay nandray anjara tamin'ny fandaharanasa (Ho an'i Nosy Fasy, ny mponina ao Ampasilava sy Andavadoaka no nandray anjara tamin'ny toerana arovana fitaratra, satria tsy nahazo nandeha tany amin'ny toeram-panjonoana ry zareo nandritry ny 7 volana nihidian'izany toerana izany). Miankina betsaka amin'ny fanomezandàlana sy fanomezan-jo ny mponina ny fahombiazan'ny toerana ho arovana.

Ny fomba iray hisorohana ny fahalalahan'ny fanjonoana sy ho faharetan'ny tombontsoa ho an'izay valan'orita hiorona, dia nivoaka tamin'ny adi-hevitr niarahana tamin'ny mponina tao amin'ny faritr'Andavadoaka sy ireo tànana manodidina tamin'ny volana Aogositra. Taorian'ny fihaonana maromaro izay nifarana tamin'ny fizarana ny vokatry araofisialy ny toerana arovana fitaratra ao Nosy Fasy tamin'ireo mponina ao Andavadoaka, Ampasilava sy Lamboara. Ny hevitra naroso dia ny fanangana ny valan'orita ho arovana any amin'iny faritra iny – iray isaky ny tànana manamorona ny ranomasina – izay miara hidina sy miara vohàna amin'ny andro iray – ny mpanjono isam-bohitra dia afaka misitraka ny vokatrin'ny fanidihana ny vatohara misy eny aminy avy, hialàna amin'ny firongatry ny mpanjono handeha amin'ny toerana iray misy vatohara samy hitaky sy hisitraka ny vokatra eo.

Ny vokatr'izany adi-hevitra izany dia fandinihan'ny ekipan'ny mpikaroka eny an-tsaha miaraka amin'ny mpanjono eny amin'ny faritr'Andavadoaka momba ny fahombiazan'ny fametrahana ny toerana misy orita ho arovana any amin'ny tànana hafa. Fomba iray ihany koa hisorohana ny fanjonoana tafahoatra amin'ny toerana arovana iray sy ny fizarana vokatsoa amin'ny tànana maromaro sy ny mponina faobe.

Fiovana momba ny fomba fanangonan'ny Kopefrito ny vokatry ny jono

Transporting fish and octopus by truck to Tulear via Morombe

Nandritry ny efa-bolana farany dia niova ny fomba nentin'ny Copefrito manangona vokatra, ny kaompanian'ny jono - ao Toliara ny foibeny- ary mpanangona vokatrin'ny ranomasina ao

Andavadoaka. Taloha i Copefrito dia nampiasa ny sambo Le Havre rehefa mividy sy manangona ny vokatra eo an-tànana rehefa fenomanana ny volana, fotoan fanjonoana orita. Mba hahafahan'ny mpiasan'ny Blue Ventures manaraka izany fanangonam-bokatra izany, dia miantsambo any amin'ny Le Havre izy ireo mba hanatanterahiny ny fanadihadihana, tafiditra ao amin'ny fandaharanasa momba ny fanaraha-maso maharitra ny fanjonoana izany. Tamin'ny volana jiona nefa nohon'ny fahasimbana nahazo an'ny Le Havre izay tsy niasa intsony dia notanterin'ny Copefrito tamin'ny fiara vaventy ny vokatra (trondro sy orita) hatrany Toliara, mandalo an'i Morombe. Izany fiovana izany dia nanosika an'i Blue Ventures, hanaraka ny fanagonam-bokatra eo amin'ny torapasikan' Andavadoaka eo ampahatongavan' ny lakana, eo ampivarotan'ny vokatra ny mpanjono amin'ny mpanangom-bokatr'i Copefrito. Tsy ho ela dia azo ampahafantarina ny antonta-kevitra, momba ny fiovana nentin'ny fomba fanangonam-bokatra vaovao eo amin'ny salan-danjan'isa eo an-toerana.

Ny fikarohana ao Andavadoaka sy akon'izany eo amin'ny politika nasionaly momba ny jono

Ny 28 ka hatramin'ny 30 aogositra farany teo, dia nisy ny atrikasa momba ny « céphalopode » tao Toliara. Olona 150 mpisolo tenam-pikambanana, anisan'izany ny Minisitry ny Jono, ny kaompania tsy miankina mpanondrana vokatra, FAO, WCS et BV no tonga nanatrika ny atrikasa ary mpanjono sy mpanangom-bokatra teo an-tànana miisa 50 izay avy amin'ny tànana mpanangona orita eto an-tanindrazana.

Ny tanjona lehibe tratrarin'ny atrikasa dia ny fandrafetana didy mba hampitombo ny faharetan'ny fanangonana orita sy calmar eto Madagasikara. Ny atrikasa dia nahompana tamin'ny vokatry ny traikefa noratovina tamin'ny fampandehanana ny valan'orita tao Nosy Fasy, toerana niasan'ny Blue Ventures niaraka tamin'ireo mponina ao an-toerana mba nahazoana nanidy toeram-panjonoana 20 hekitara nandritry ny 7 volana. Natao fomba ho entina hampandrosoana ny famokarana orita maharitra eny amin'ny faritra. Nadritry ny atrikasa ny mpikaroka tao amin'ny Blue Ventures Marc Nadon sy Daniel Rabenary dia nanolotra ny vokatra mialoha azo tamin'ny toerana misy orita narovana tao Nosy Fasy sy ny antotan-kevitra milaza ny toetrin'ny vatohara ao Andavadoaka.

Taorian'ny 2 andro, fotoana nisian'ny adi-hevitra mafana dia tonga tamin'ny hevitra niraisana ny mpiatrikasa. Tapaka fa asiana fanidiana isan-taona ny jono orita any atsimo andrefan'i Madagasikara manomboka ny faha-15 ny volana desambra ka hatramin'ny faha 31 ny volana janoary mba hahafahan'ny orita mitombo amin'iny fotoanan'ny fahamaroana iny. Io fotoana io dia mifanandrify amin'ny fotoanan'ny rivodoza any amin'ny faritra, ary raha ny fomba ny toerana no jerena dia mihena betsaka ny fanangonana ny orita amin'iny fotoana iny. Ny fambolena algue no fomba iray ahazoam-bola, ampiarahana amin'ny famoronana loharanom-bola hafa ahafahana manome fidiram-bola ny mpanjono madinika hiatrehany ny faharefoany any amin'ny faritra mandritry ny fotoana mampihidy ny toerana arovana.

Ny orita milanja latsakin'ny 350 g koa dia tsy azo alaina, izay dia voaporofo tamin'ny famelabelarana nataon'Atoa Daniel Rabenary fa io lanja voatondro io dia manamarika ny fahatratraran'ny orita O. cyanea ny fahavononana arapananahana. Ny antotan-kevitra azo tao Andavadoaka dia milaza fa ny lanjan'ny orita ambanin'io fetra io dia mahatratra eo ho eo amin'ny 9% amin'ny jono rehetra eny amin'ny faritra. Fomba aratekinika betsaka amin'ny fanaraha-maso no nampidirina, anisan'izany ny fampitomboana ny mason'arato kely indrindra hanjonoana ny calmar, ary ny fandresen-dahatra ho amin'ny fampiasana, ny fomba fanjonoana vaovao, tsy manimba, tahaka ny fampiasana fintana mampiasa jono hita eny an-toerana hafa nohon'ny lefona hanjonoana orita. Ny orita jonoana amin'ny fintana dia ahazoana vola bebe kokoa eo amin'ny tsenam-barotra iraisam-pirenena satria tsy simba firy ny orita amin'izay. Ny Minisitrin'ny jono dia nangataka an'I Blue Ventures hanohy indray ny asa fikarohana fanaony mandritry ny roa taona, mba hahafahana mandrafitra ny fomba hahafantarana ny tontolon'ny fanjonoana orita.

Fahatanterahan'ny Fiofanana Voalohany momba ny Fitarihana an-Dranomasina tao

TNy mpitarika amin'ny fizahantany ao Andavadoaka dia nisedra tamim-pahombiazana ny fitsapam-panadinana izay notanterahana tamin'ny volana Aogositra 2005. Ny fiofanana momba ny fitarihana an-dranomasina dia nataon'ireo ekipan'ny mpikaroka ao amin''ny BV tao Andavadoaka nanomboka tamin'ny volana Aprily 2005 ary natao mba ho fanohanana ny fandrosoan'ny fizahantany any amin'ny faritra. Ny tanjon'ny fiofanana dia ny hanome fahaizamanao sy fomba mba hahafahan'ny olona ho tonga mpitarika matianina amin'ny fizahantany.

Newly qualified tourist guides

Ireo mpitarika vaovao dia navoakan'ny olombe, ny Mpandridran'ny Fikarohana Al Harris ary ny Lehiben'ny Asa Fikarohana, Jenny Hyde tamin'ny fomba ofisialy niaraka tamin'ireo maripahaizany tamin'ny faran'ny volana. Nandritrin'ny fotoana nampisehoana azy ireo, Alex Norbert, ray amandrenin'ny tànana eo an-toerana dia nisaotra ny mpampiofana ary nanasongadina ny maha-zava-dehiben'ny asa fiofanana ho an'ny tanora eo an-tànana, sady hahafahana mitady fomba hafa hitadiavambola sy hahafahan'ny mponina ho tonga matianina amin'ny asa-fitarihana ny mpizahantany.

Ny fotoanan'ny Trozona tao Andavadoaka

Ny fahatongavan'ny ririnina aty amin'ny fairitra atsimo dia nitondra ny fahitana trozona tao Andavadoaka. Betsaka ny trozona misy trafony tazana tany ivelan'ny vatohara sy tany Andrefan'i Nosy Hao. Tamin'ny volana jolay, trozona reniny miaraka amin'ny zanany no tazana amin'ny toerana marivo manamorona ny sisin-dranomasina. "Dauphins" 100 isa mahery no hita teny an-toerana miaraka amin'ny trozona 2, zavatra tsy fahita tany Andavadoaka.

Greeting from a humpback whale

Vaovao hafa

Ny vokatra azo tao Andavadoaka nozaraina tany amin'ny Fihaonam-Paritrin'ny Mpikaroka momban'ny Siansa an-dRanomasina tao amin'ny Oseana Indiana

Tamin'ny faran'ny volana Aogositra, i Blue Ventures dia namelabelatra ny vokatrin'ny fanadihadiana tany amin'ny Fihaonam-Paritrin'ny Mpikaroka momban'ny Siansa an-dRanomasina tao amin'ny Oseana Indiana. Io fihaonan'ny Mpahay Siansa io avy any Andrefan'ny Oseana Indiana sy ny manodidina dia atao isaky ny roa taona, ary karakarain'ny Fikambanan'ny Mpahay Siansa io avy any Andrefan'ny Oseana Indiana (WIOMSA)

Ny nampiavaka ny fihaonana dia ny fifandimbiasan'ny famelabelarana efa mihoatra ny 140 nataon'ireo mpahay siansa, miorona amin'ny lahateny fototra momba ny anjara-birikin'ny fikarohana eo amin'ny fanatsarana ny fivelaran'ny maha-olona sy ny fanalefahana ny fahantrana. Io lahateny io no voafidy satria ny firenena avy amin'ny faritra andrefan'ny Osana Indiana dia tsy afaka hianto-tena hanao fikarohana. Manerana ny faritra dia azo lazaina fa ny fikarohana sy ny ezaka fiarovana ny tontolo iainana dia zava-dehibe mihitsy ary mitondra vokatr azo tsapai-tànana eo amin'ny fanatsarana ny maha-olona. Ny Mpandrindra ny Fikarohana ara-ekonomika sy sosialy ao amin'ny Blue Ventures, Josephine Langley, dia nanao famelabelarana am-bava sy amin'ny alàlan'ny afisy lehibe, manazava ny asa-fikarohana natao tao Andavadoaka. Azo jerena ao amin'ny trano-kalampifandraisan'i Blue Ventures, ao amin'ny toerana natokana ho an'ny Fikarohana ny asa.

Ny mpiray antoka amin'ny Blue Ventures eo amin'ny Fikarohana, "Wildlife Conservation Society" dia namelabelatra ny fomba entina manao fikarohana ampiasaina ao amin'ny fandaharanasa momba ny fikarohana ara-tsosialy ataon'i BV ao Andavadoaka. Izay natao tany amin'ny atrikasa rejionaly momba ny fanaraha-maso ara-sosialy sy ara-ekonomika ny harena eny amorondranomasina any andrefan'ny Oseana Indiana, nokarakarain'i Cordio (Fahasimban'ny harambato any amin'ny Oseana Indiana) tao Mombasa, Kenya ny faha-27 sy 28 jiona 2005. Ny atrikasa dia noheverina fa tohin'ny atrikasa WIOMSA/IUCN natao tamin'ny 2003. Ny tanjona dia ny fanaovana tombana ny fandrosoan'ny asa sy ny fomba ampiasaina eo amin'ny fanaraha-maso ara-tsosialy sy ekonomika any Andrefan'ny Oseana Indiana mandrak'ankehitriny mba hizarana ny lesona notsoahina sy ny handrafetana ny fifanarahana/tondrozotra lasitra ho an'ny faritra sy hiadinkevitra sy hikarakarana ny dingana ho an'ny fampivoarana ny fanaraha-maso ara-tsosialy sy ekonomika any amin'ny faritra. Ny fandinihana ny traikefa nalaina avy amin'ny lahasa momba ny fikarohana ara-tsosialy nataon'ny BV tao Andavadoaka dia hita ao amin'ny lahatsoratra farany nataon'i Cordio momba ny fanaraha-maso aa-tsosialy sy ekonomika ho an'y faritra Andrefan'ny Oseana Indiana.

Andro Irasiam-pirenena ho an'nt Tontolo iainana– 5 jiona

One group with their bags of rubbish after the beach clean-up

Ny andro iraisam-pirenenan'ny Tontolo Iainana, izay hetsika aarindran'ny Fandaharanasa momba ny Tontolo Iainanan'ny Firenena Mikambana sady marihana eran'izao tontolo izao isan-taona ny 5 jiona nanomboka tamin'ny 1972 dia mikendry ny hanan'ny tsirairay saina vonona hiaro ny tontolo iainana. Tao Andavadoaka, I Blue Ventures dia nikarakara fifaninana ho fanadiovana ny torapasik'Andavadoaka izay feno fakofako entin'ny riaka na avy ao an-tànana ihany. Tao antin'ny adin'iray latsaka, dia ankizy efa ho zato mahery no nanadio ny torapasika sy nanala ireo fako. 10 gony mahery ny habetsaky ny fako voaangona. Ny sarin'ny ekipa mpandresy dia mipetaka amin'ny toerana voatokana ho an'ny peta-drindrina ao an-tànana.

Ny Hetsika nanamarihana ny nahazoana fahaleovantena tao Andavadoaka

Nankalaza ny fitsingerenan'ny faha-45 nahazoany fahaleovantena I Madagasikara ny 26 jiona 2005. Ny mpiasan'ny Blue Ventures sy ny mpilatsaka antsitrapo dia nandray anjara tamin'ny fikarakarana ny hetsika natao tamin'izany andro lehibe nentina nanamarihana ny nahazoana fahaleovantena izany. Nanome arendrina ny fikambanana mba hanohanana ny filaharana fanaon'ny ankizy rehefa amin'ny andro toy ireny. Nifarana ny alina rehefa nanjavona tsy hita tao anatin'ny rivotra ireo jiro nitsilopy. Mbola nitohy ny hetsika ny ampitso, nanomboka tamin'ny antoandro izany teo an-tokotanim-pianarana. Nahoda Noel, Hazomanga, olombe ao an-tànana ary mbola manana fifandraisana amin'ireo razambe dia nampatsi-

ahy tamin' ny mpanatrika izay miisa 200 ny tantara 45 taona lasa izay, sy ny maha-zava-dehibe ny fahafahana tamin'ny ziogan'ny fanjanahantany. Raha nitodika tamin'ny solontenan'ny BV eo an-tànana izy dia nampatsiahy ny mponina i Nahoda Noël fa ankehitriny ny malagasy, izay tsy voazanaka intsony, dia afaka mifandinika sy miara miaina amin'ny vahiny (vazaha). Jenny Hyde, izay Lehiben'ny Asa Fikarohana, dia namelabelatra tamin'ny teny malagasy ny asa iantsorohany ao Andavadoaka ary nisaotra ny olona izy tamin'ny fandraisana nataon'izy ireo an'ny mpi-asan'ny BV sy ny fanampiana nentin'izy ireo nandritry izay roa taona izay. Raha namarana ny fandraisana fitenenana i Nahoda Alex Norbert, mpanjona sady olombe hankatoavina tokoa eo an-tànana dia nisaotr an'i Blue Ventures tamin'ny asany eo an-tànana sy ny fandraisan'izy ireo anjara amin'ireo foto-ana lehibe izay atao eo an-tànana, foto-ana manana ny toerany koa ho an'ireo mpiasa sy mpilatsaka an-tsitrapo ao amin'ny BV.

Kaongresy eran-tany momba ny tanora : 30 jolay –8 aogositra

Nikarakara atrikasa maro tao amin'ny Kaongresy eran-tany momba ny tanora tamin'ny voaloandohan'ny volana ao-gositra i Blue Ventures izay lasa fomba fanao isan-taona. Eo amin'ny fahatelo taonany izao ny Kaongresy ary namory tanora mavitrika 600 eran-tany eo amin'ny sehatry ny fampandrosoana maharitra ny firenena 120 samihafa.
Kit Gillibrand sy Richard Nimmo dia ni-asa niaraka tamin'ny solontenan'ny Kaongresy tamin'ny atrikasa maro tao Stirling, Ecosse, niompana tamin'ny lohahevitra :mampivoatra ny fiaraha-miasa momba ny fampandrosoana ma-haritra – ny lesona notsoahana mba hahafahana mampihatra ny fandrahara-hana ara-tsosialy entina hanampiana ny ezaky ny mponina eo amin'ny asa fia-rovana any Afrika Atsinanana sy Andre-fan'ny Oseana Indiana. Ireo atriaksa ireo dia notsoahana tamin'ny traikefa sy ny famakafakana ny tranga misy tamin'ny asan'ny Blue Ventures tao Andavadoaka.